Ny Baiboly ho an'ny ankizy
dia manolotra

Ny Niandohan'ny fahorian'ny olombelona



Nosoratan'i: Edward Hughes

Sarin'i: Byron Unger; Lazarus

Nadikan'i: Fikambanana "Ndao mba hiaraka aminay" na association "Allons ensemble" FJKM Nazareta Amborovy Mahajanga Madagascar

Nampifanarahin'i: M. Maillot; Tammy S.

Tantara 2 amin'ny 60

www.M1914.org

Bible for Children, *PO Box 3, Winnipeg, MB R3C 2G1 Canada*

Azo atao ny fandikana na fakana ity tantara ity nefa tsy ho amin'ny fitadiavam-bola.

Malagasy



Sambatra ery izy
ireo niaina tao, nankato sy
nankasitraka ny fiarahana
tamin'ANDRIAMANITRA. Saingy
indray andro …
3


Nisy menarana
iray nanatona
nila resaka tamin'i
Eva ka nanontany
azy hoe: "Hay ve ka
noraran'ANDRIAMA
NITRA tsy hihinana
ny voankazo rehetra
ato amin'ny saha
ianareo e?"
4

"Afaka mihinana
ny voankazo rehetra
ato izahay, afa-tsy
iroa hazo fihinamboa
iroa ihany!" hoy Eva. "Raha
mihinana na mikasika io hazo io
izahay dia ho faty". "Mandainga
ANDRIAMANITRA,
tsy ho faty izany
ianareo" hoy ny
menarana nihomehy.
5

"Tsy tiany hitovy
Aminy fotsiny
ianareo." Efa ela i
Eva no nitsiriritra
mafy sy te-hihinana ny
voan' io hazo fihinamboa io.
Tsy naharitra ny fakam-
panahy izy noho izany
ka nino izay nolazain'ny
menarana. Dia naka sy
nihinana ny voan'ilay hazo.
6


Ny tena loza dia tsy izy irery
ihany no nihinana ilay voankazo
fa nomeny koa i Adama,
ary dia nihinana
niaraka
taminy.
7

Eny fa na dia tokony
hiteny aza i Adama hoe,
"Tsia, tsy handika ny
tenin'ANDRIAMANITRA
aho."
8



Rehefa
avy nandika ny
lalàn'Andrimanitra i Adama sy Eva dia nahatsiaro
tena ho niboridana ka menatra. Naka ravinkazo izy
ireo noho izany mba hataony fitafiana, ary dia
nandeha niafina an'ANDRIAMANITRA izy ireo.

9

Rehefa
harivariva iny ny andro,
dia nitsangatsangana
tao anaty saha
ANDRIAMANITRA.
Efa fantany ny fahotana
nataon'i Adama
sy Eva. Rehefa
nanontaniana izy
roa dia
nifanilika.

10

Adama nanome tsiny an'i
Eva ary Eva nanome tsiny
ny menarana. Voasazy izy
ireo noho izany. Ka hoy
ANDRIAMANITRA:
"Voaozona amin'ny biby
rehetra ianao ry menarana.
Ary ianao ry Eva, dia hijaly
tokoa indrindra
rehefa miteraka."

11

"Adama! satria efa nanota
tamiko ianao, dia ho voaozona
miaraka aminao ny tany ka
haniry tsilo sy hery ho anao
izy. Ary ny hatsembohan'ny
tavanao no hihinananao."

12

Ary ANDRIAMANITRA
nandroaka an'i Adama sy Eva
hiala ny saha Edena. Satria
nanota sy tsy nankato izy
ireo ka dia tafasaraka
tamin'ANDRIAMANITRA!

13

Dia namboatra sabatra milelafo
Andiamanitra mba hiambina an'i
Adama sy Eva any ivelan'ny
saha Edena. Namboatra
fitafiana vita tamin'ny
hodi-biby ho azy roa ihany
koa ANDRIAMANITRA.

14

Niteraka i Adama sy Eva taty aoriana. Ny zanany lahy voalohany izay nantsoina hoe Kaina, dia mpiasa tany. Ny faharoa kosa, i Abela, dia mpiandry ondry. Indray andro, nanao fanatitra ho an'ANDRIAMANITRA izy roalahy.

15

Raha nanolotra vokatry ny taniny maromaro i Kaina, i Abela kosa nanolotra zanak'ondry, izay tsara sy matavy indrindra tao am-balany. Nahafaly an'ANDRIAMANITRA ny fanatitra nataon'i Abela.

16

Tsy nankasitrahan'ANDRIAMANITRA ny fanomezana natolotr'i Kaina. Tezitra mafy i Kaina noho izany. Ka hoy ANDRIAMANITRA taminy: "Raha nanao ny tsara ianao, dia tsy ho nekeko va ?"



17

Tsy nety nitony ny fahatezeran'i Kaina. Fotoana vitsy taty aoriana, rehefa tafaraka tany an-tsaha izy roalahy dia novonoiny i Abela, ka maty.



18

Ary ANDRIAMANITRA niantso an'i Kaina, ka nanontany azy: "Aiza moa Abela rahalahinao?" "Tsy hitako izy" hoy i Kaina nandainga. "Izaho angaha mpiambina azy."

19

Tezitra ANDRIAMANITRA ka nosaziany i Kaina. Tsy navelany hiasa sy hamboly teo amin'ny tany intsony i Kaina ka lasa mpirenireny.



20

Dia nandao an'ANDRIAMANITRA i Kaina. Taty aoriana dia nanambady ny zanakavavin'i Adama sy Eva izy. Nihamaro ny taranany. Ary vetivety monja feno ny zafikely sy ny zafiafin'i Kaina ny tanàna izay naoriny.

21

Nandritra izany fotoana izany dia nitombo be ihany koa ny taranak'i Adama sy Eva. Tamin'izany andro izany dia tena ela velona tokoa ny olona fa tsy toy ny amin'izao vanin'andro misy antsika izao.

22

Rehefa niteraka ny zanany lahy antsoina hoe Seta i Eva dia hoy izy: "ANDRIAMANITRA dia nanolotra ahy an'i Seta ho solon'i Abela."

23

I Seta dia lehilahy tena nino sy nankato an'ANDRIAMANITRA. Niaina 912 taona izy ary nanana taranaka maro.



24

Niharatsy fanahy hatrany hatrany ny olombelona tety ambonin'ny tany. Nony farany dia nanapa-kevitra ANDRIAMANITRA fa handringana azy sy …



25

… ny biby ary koa ny voromanidina rehetra. Nanenina ANDRIAMANITRA raha namorona ny olona. Saingy nisy lehilahy iray nankasitrahan' ANDRIAMANITRA …

26







Ny Niandohan'ny fahorian'ny olombelona

Tantaran'ny Tenin'Andriamanitra, ny Baiboly,

Tao amin'ny bokin'ny

Genesisy 3 – 6

"Ny fanambaràn'ny teninao dia manazava."
Salamo 119:130

Fantatr'Andriamanitra fa nanao zavatra ratsy isika. Fahotana no iantsoany ireny. Ny vokatrin' ny fahotana dia fahafatesana.

Tena tian'Andriamanitra tokoa anefa isika, ka dia nalefany ny Zanany lahitokana, Jesoa, ho faty eo ambony hazofijaliana hisolo ny fahotantsika. Nitsangana tamin'ny maty i Jesoa ary niverina nankany am-Paradisa! Amin'izao anio izao Andriamanitra dia afaka mamela ny helontsika.

Raha te-hiala amin'ny fahotanao ianao, lazao amin'Andriamanitra hoe: Andriamanitra o! Mino aho fa maty noho ny amiko Jesoa ary velona Izy ankehitriny. Miangavy anao aho, midira ao amin'ny fiainako, ary mamela ahy noho ny otako rehetra mba hananako fiainana vaovao, sy hahafahako miaraka aminao mandrakariva. Ampio aho ho velona ho anao tahaka ny Zanakao.
Amena. Jaona 3:16